INDEX

76887



**DIDIM-PITONDRANA IRAISAN' NY MINISITERA LAHARANA FAHA-3 958/93**

**mametra ny famaritana sy ny mari-pamantarana manokana ny faritra arahim-pitsipika sy fandrarana**

Ny Minisitry ny Oniversite, ny Minisitry ny Fahasalamana, ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Asam-panjakana, ny Minisitry ny Fikarohana siantifika ary ny Minisitry ny Indostria,

Araka ny Lalàmpanorenana sy ny Fifanarahana tamin' ny 31 oktobra 1991,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-072 tamin' ny 29 septambra 1992 momba ny fandraiketana an-tsoratra ny rijan-tenin-dalàna,

Araka ny hitsivolana laharana faha-92-030 tamin' ny 17 jolay 1992 ananganana ny Oniversite,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-92-742 tamin' ny 30 jolay 1992 amerana ny fandaminana sy ny fomba fiasan' ny Oniversite,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-92-161 tamin' ny 5 febroary 1992 manondro ny anjara raharahan' ny Minisitry ny Oniversite sy ny fandaminana ankapobe ny minisiterany,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-92-869 tamin' ny 30 septambra 1992 anangana sy andaminana ny INSTN,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-93-243 tamin' ny 29 aprily 1993 momba ny fiarovana amin' ny *rayonnements ionisants* sy manendry ny INSTN ho manam-pahefana amin' izany,

Araka ny didim-pitondrana iraisan' ny minisitera laharana faha-3 955/93 tamin' ny 6 aogositra 1993 mamaritra ny fanasokajiana ny mpiasa sy ny fetran' ny hery taratra isan-taona amin' ny fiatrehana mitera-pahavoazana ny *rayonnements ionisants*,

Araka ny tolo-kevitra naroson' ny Tale jeneralin' ny INSTN,

**ARRETE INTERMINISTERIEL N° 3 958/93**

**fixant la délimitation et les signalisations particulières des zones réglementées et interdites**

Le Ministre des Universités, le Ministre de la Santé, le Ministre de l'Intérieur, le Ministre de la Fonction publique, le Ministre de la Recherche scientifique et le Ministre de l'Industrie,

Vu la Constitution et la Convention du 31 octobre 1991,

Vu l'ordonnance n° 92-072 du 29 septembre 1992 portant codification des textes législatifs,

Vu l'ordonnance n° 92-030 du 17 juillet 1992 portant création des Universités,

Vu le décret n° 92-742 du 30 juillet 1992 fixant l'organisation et le fonctionnement des Universités,

Vu le décret n° 92-161 du 5 février 1992 fixant les attributions du Ministre des Universités ainsi que l'organisation générale de son ministère,

Vu le décret n° 92-869 du 30 septembre 1992 portant création de l'Institut national des sciences et techniques nucléaires et l'organisation de cet Institut,

Vu le décret n° 93-243 du 29 avril 1993 relatif à la protection contre les rayonnements ionisants et nommant l'INSTN comme autorité compétente,

Vu l'arrêté interministériel n° 3 955/93 du 6 août 1993 fixant la classification des travailleurs et les limites de dose annuelle d'exposition aux rayonnements ionisants,

Sur proposition du Directeur général de l'Institut national des sciences et techniques nucléaires,

INDEX



Dia mandidy fa :

Andininy voalohany. — Ity didim-pitondrana ity dia mikendry ny hanondro sy hamaritra ny faritra ary hametra ireo toromarika mikasika ny famantarana sy ny takela-by famantarana fa misy loza ateraky ny vaikan' ny taratra.

And. 2. — Ireto avy ireo faritra arahim-pitsipika :

— faritra ambenana izay misy ireo olona mety handray hery taratra mihoatra ny iray ampahafolon' ny farafetran' ny hery taratra anatin' ny taona iray voafaritra ho an' ny sokajin' ny mpiasa tsirairay ;

— faritra arahi-maso izay misy ireo olona mety handray hery taratra mihoatra ny telo ampahafolon' ny farafetran' ny hery taratra anatin' ny taona iray voafaritra ho an' ny sokajin' ny mpiasa tsirairay.

And. 3. — Ny mari-pamantarana ny loza ateraky ny *rayonnements ionisants* dia kisary mifelana telo miloko maitso, mavo na mena. Miova araka ny toerana ilana azy ny haben' io famantarana io izay tsy maintsy manaja ny refiny ara-tsary voadika ao amin' ny tovana.

And. 4. — Ireo faritra arahim-pitsipika ireo dia marihina araka izao :

— ny faritra ambenana dia marihina amin' ny kisary mifelana telo miloko maitso, fotsy ny tokotaniny ;

— ny faritra arahi-maso dia marihina amin' ny kisary mifelana telo miloko mavo, fotsy ny tokotaniny.

And. 5. — Ny faritra iray mety ho tsy azo hidirana, ao anatin' izay ireo mpiasa ao amin' ny sokajy A sy B.

Omena anarana hoe « faritra voarara » izy ary marihina amin' ny alàlan' ny takela-by misy kisary mifelana telo miloko mena, fotsy ny tokontaniny ary voafaritry ny tsipika mena.

And. 6. — Ireo takela-by famantarana voalaza ao amin' ny andininy faha-4 sy faha-5 eo ambony ireo, raha ilaina, dia mety mitondra mari-tsoratra sy marika fanampiny natao hampiseho tsara ny mety mahatra-boina sy ny fepe-piarovana tokony horaisina.

And. 7. — Ity didim-pitondrana ity dia havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika ary hampahafantarina na aiza na aiza ilana izany.

Antananarivo, ny 6 aogositra 1993.

*Ny Minisitry ny Fahasalamana,*
Damasy ANDRIAMBAO.

*Ny Minisitry ny Oniversite,*
RAZAFINDRANDRIANTSIMANIRY Dieudonné Michel.

*Ny Minisitry ny Asam-panjakana,*
BETIANA Bruno.

*Ny Minisitry ny Atitany,*
RABOTOARISON Charles Sylvain.

*Ny Minisitry ny Indostria,*
VONY Roger.

*Ny Minisitry ny Fikarohana siantifika,*
ANDRIANANTENAINA Pierre.

Arrêtent :

Article premier. — Le présent arrêté a pour but de préciser et de délimiter les zones et de fixer les prescriptions relatives aux étiquettes et panneaux de signalisation de danger de la radioactivité.

Art. 2. — Les zones réglementées sont constituées par :

— la zone surveillée dans laquelle une personne est susceptible de recevoir une dose supérieure à un dixième de la limite de dose annuelle fixée pour chacune des catégories de travailleurs ;

— la zone contrôlée dans laquelle une personne est susceptible de recevoir une dose supérieure à trois dixième de la limite de dose annuelle fixée pour chacune des catégories des travailleurs.

Art. 3. — Le signal de dangers de rayonnements ionisants est un trèfle stylisé de contenu vert, jaune ou rouge. La grandeur du symbole peut varier suivant le lieu de son utilisation avec obligation de respecter les proportions du dessin reproduit en annexe.

Art. 4. — Les zones réglementées sont signalées comme suit :

— la zone surveillée est signalée par un trèfle vert sur fond blanc ;

— la zone contrôlée est signalée par un trèfle jaune sur fond blanc.

Art. 5. — Une zone peut être d'accès interdit, y compris pour les travailleurs des catégories A et B.

Elle est dénommée « zone interdite » et signalée par un panneau portant un trèfle rouge sur fond blanc et délimitée par une bande rouge.

Art. 6. — Les panneaux de signalisation prévus aux articles 4 et 5 ci-dessus peuvent en cas de besoin comporter des inscriptions et signes supplémentaires destinés à mieux faire apparaître les risques et les consignes de sécurité à observer.

Art. 7. — Le présent arrêté sera publié au *Journal officiel* de la République et communiqué partout où besoin sera.

Antananarivo, le 6 août 1993.

*Le Ministre de la Santé,*
Damasy ANDRIAMBAO.

*Le Ministre des Universités,*
RAZAFINDRANDRIANTSIMANIRY Dieudonné Michel.

*Le Ministre de la Fonction publique,*
BETIANA Bruno.

*Le Ministre de l'Intérieur,*
RABOTOARISON Charles Sylvain.

*Le Ministre de l'Industrie,*
VONY Roger.

*Le Ministre de la Recherche scientifique,*
ANDRIANANTENAINA Pierre.

INDEX



# ANNEXE

## DANGER DE RAYONNEMENTS IONISANTS
## CODE DES PANNEAUX DE SIGNALISATION

Le signal de danger de rayonnements ionisants est un trèfle stylisé de contenu vert, jaune ou rouge selon la nature de la zone. La grandeur du symbole peut varier suivant le lieu de son utilisation avec obligation de respecter les proportions du dessin reproduit ci-dessous.

| Forme et couleur | Signification |
|---|---|
| Vert sur fond blanc (1) | Zone surveillée |
| Jaune au fond pointillé (2) | Zone surveillée, danger d'irradiation et de contamination |
| Jaune sur fond blanc (3) | Zone contrôlée |
| Jaune sur fond blanc (4) | Zone contrôlée, danger d'irradiation |
| Jaune sur fond pointillé (5) | Zone contrôlée danger de contamination |
| Rouge sur fond pointillé (6) | Franchissement interdit, danger de contamination |
| Rouge sur fond blanc (7) | Franchissement interdit, danger d'irradiation |
| Rouge sur fond pointillé (8) | Franchissement interdit, danger d'irradiation et de contamination |